# Raharaham-piangonana 04/07/2010

## Vaovaom-piangonana

Noho ny fankalazana ny faha-25 taona ny FKMSM dia misy ny valopy efa nozaraina izay averina isaky ny fotoam-pivavahana hividianana fanamafisam-peo ho an'ny Fiangonana ho tsangambaton'ny Jobily. Koa isaorana sahady ny fandraisantsika anjara.

## Fotoana manaraka

Toy izao ny fotoana manaraka.

- **11 Jolay :** vondrom-bavaka (Cellule de prière) ao Sévelin
- **18 Jolay :** fotoam-pivavahana ao Ecublens (Paroisse de Motty)
- **25 Jolay :** fotoam-pivavahana ao Neuchâtel (Paroisse de la Maladière)

## Rakitra farany

| | |
|---|---|
| Genève 06/06/2010 | **191.- Frs & 5 €** |
| Lausanne 20/06/2010 | **210.55 Frs** |

## Vaovaon'ny sampana

### *Fifohazana*

Toy ny isan-taona dia misy ny fisitahana masina sy ny fiofanana ny **06-14 Jolay any Besançon** (FPMA). Afaka manontany an'i Mme Mamy Aimanantsoa izay liana hahazo fanampim-panazavana.

## Fiainam-piangonana

### *Famangiana*

Misaotra antsika rehetra izay nitondra am-bavaka an'ny fianakavian'i Mamy Rakotonarivo tamin'ny fahoriana izay nanjo azy ireo. Vita tamin'ny Alahady teo koa ny famangiana azy mivady.

### *Fanasana amin'ny batisa sy batemy*

- Faly manasa antsika rehetra Ravaka sy Fabio Edafe hanatrika ny batemin'i Tsanta Odeya ny **Alahady 08 Aogositra amin'ny 11 ora** sy sasany maraina ao amin'ny fiangonana Christ-Roi ao Fribourg. Dia mangataka ny hitondrantsika am-bavaka izany fotoana izany.

- Fara sy Florian Hurzeler, Ninie sy Samy Rafanomezantsoa dia faly manasa antsika rehetra hanotrona ny batisan'i Dylan, Sariaka sy Anna ny **Alahady 1 Aogositra amin'ny 15 ora** ao amin'ny Paroisse de Servette (Genève). Aorian'ny fivavahana dia misy fiaraha-miala hetaheta, izay hatao ao amin'ny fiangonana ihany.